# Lesona 1: Ny Asa Fanompoan'i Paoly Tao Korinto

## A. Paoly, apostolon'i Jesost Kristy

1. 1 Korintiana 1:1, 2 Korintiana 1:1 Ahoana no nanoloran'i Paoly ny tenany rehefa nanoratra ho an'ny Kristiana tao Korinto izy? (Jereo koa ny Romana 1:1).
2. Inona no hevitry ny teny hoe "amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra"? Galatiana 1:1
3. Araka ny voalazan'ny Apostoly Petera (Asa 1:21–22), dia vavolombelon'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty ny atao hoe apostoly. Nahafeno ny fepetra ve i Paoly? 1 Korintiana 15:3-10 (jereo koa ny Asa 9:1-6)

## B. Ny asa fanompoan'i Paoly tao Makedonia sy Atena

1. Nahoana i Paoly no nampiditra an'i Makedonia tamin'ny dia misionera faharoa nataony? Asa 16:6-10
2. Iza no tanàna notsidihan'i Paoly tao Makedonia talohan'ny nandehanany nianatsimo nankany Atena sy Korinto?
3. Inona no lesona nianaran'i Paoly tao Atena, mialohan'ny nandehanany nianatsimoandrefan'ny saikinosy Peloponeziana nankany Korinto? Asa 17:16-21, 22-31, 32-34

## D. B. Ny asa fanompoan'i Paoly tao Korinto

1. Inona no fantatrao momba ny tanànan'i Korinto fahiny?
2. Ahoana no filazan'i Dr. Lioka ny fitsidihan'i Paoly voalohany any Korinto? Asa 18:1-8
3. Nahoana i Paoly no nanokana fotoana hanaovana lay, nefa be dia be no nila nandre ny vaovao mahafaly momba an'i Jesosy tao Korinto?
4. Inona no lesona ianarantsika tamin'ny nifindran'i Paoly avy tao amin'ny synagoga tao Korinto ho ao amin'ny tranon'i Josto?
5. Inona no hafatra avy amin'ny Tompo nandresy lahatra an'i Paoly hanitatra ny fijanonany tao Korinto? Asa 18:9-11
6. Iza no nanohitra ny fanompoan'i Paoly tao Korinto, ary inona no fanohanana tsy nampoizina azony? Asa 18:12-17
7. Inona no lesona azontsika ianarana avy amin'ny fanandraman'i Paoly tao Korinto ho an'ny fiainantsika ankehitriny?

## E. Ny taratasin'i Paoly ho an'ny Kritsiana tao Korinto

1. Taratasy firy no nosoratan'i Paoly ho an'ny Kristiana tao Korinto, ary inona no antony nanoratany izany? 1 Korintiana 1:2-3, 4:14; 2 Korintiana 2:4; 2 Petera 1:19-21
2. Taiza no nisy an'i Paoly tamin'ny fotoana nanoratany ny taratasy voalohany ho an'ny Kristiana tao Korinto? 1 Korintiana 16:5-9
3. Iza no nampahafantatra an'i Paoly momba ireo olana natrehin'ny Kristiana tao amin'ny fiangonana tao Korinto? 1 Korintiana 1:11
4. Iza no nanoratra taratasy ho an'i Paoly mba hangataka torohevitra momba ireo olana samihafa mikasika ny fomba fiaina amin'ny maha-mpianatr'i Jesosy ao anatin'ny kolontsaina jentilisa? 1 Korintiana 7:1a
5. Inona avy ireo fihaikana atrehintsika ankehitriny amin'ny maha-mpianatr'i Jesosy antsika? Aiza no ahafahantsika mahazo torohevitra feno fahendrena? Salamo 32:8, 119:105; Jaona 16:13; sns.